# Mofonaina 16 Aogositra 2024 – 1 Kor 6:1-11

## I Korintiana 6:1-11 (11)

*Ary efa mba toy izany ihany ny sasany aminareo, saingy efa voasasa ianareo, efa nohamasinina ianareo, efa nohamarinina ianareo, tamin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitsika. – I Korintiana 6 : 11*

### Manamasina ny Tenany ny Mpino

Misy teny anankitelo milaza ny fanamasinana eto :

"Voadio", "Nohamasinina", ary "Nohamarinina".

- Voamarika fa asan'Andriamanitra ao amin'i Jesoa Kristy ny fanamasinana, ary manana anjara amin'izany ny Fanahy Masina.
- Tsy zavatra mandalo na indray mandeha tsy miverina ny fanamasinana, fa asan'Andriamanitra mitohy ao amin'ny olony.
- Miseho amin'ny fiainantsika andavan'andro izany fahamasinana izany.

1. **Efa voadio ve ianao?**
2. **Efa voamasina ve ianao?**
3. **Efa voamarina ve ianao?**

## Fehiny

Manamasina ny tenany ny mpino.

Aoka hahavatra hanatona an'Andriamanitra ao amin'i Jesoa Kristy eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina mandrakariva isika mba ho dioviny, hoamasininy ary hohamarininy.

**Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra. Amena.**

**Manonona ny Fahasoavan'ny Tompo. (MFT)**